Rio Tinto

Janoary 2012
www.riotinto.com

Fenitr'asa ho amin'ny mangarahara (ady amin'ny kolikoly)

Zava-dehibe tsy maintsy fantarinao

Ho an'ny rehetra

- Raràn'ny Rio Tinto ny tsolotra sy ny kolikoly amin'ny endriny rehetra.
- Tsy azo atao ny manome na mandray fanomezana, fialamboly, fitanterana na tambi-karama ho takalona fikarakarana manokana.
- Tsy manao politika ny Rio Tinto. Tsy manakarama antoko politika na politisiana ny Rio Tinto.
- Tsy manome fanomezana ho amina asa soa na fanohanana ara-bola izay mety manana endrika tsolotra na tolobotsitra mba ahazoana tombotsoa ara-kasa manokana ny Rio Tinto.
- Ny mpiasan'ny Rio Tinto rehetra dia tompon'andraikitra amin'ny fanaovana tatitra raha mahita tsy fanarahan-dalana araka izay voasoratra ato amin'ity boky ity.[1]

Fanamarihana fanampiny ho an'ny vondron'ny mpitantana

- Manao famotorana ny Rio Tinto rehefa misy tsy fanarahan-dalàna ahiahiana.
- Tsy maitsy marina tsara daholo ny boky sy ny fanoratana ny rejistra rehetra ao amin'ny Rio Tinto.
- Ny mpanatanteraka manana andraikitra mifandraika amin'ny ady amin'ny kolikoly dia tsy maintsy manao fiofanana mba hampihenana ny tsy fanarahan-dalana voasoratra ato amin'ity boky ity.
- Ny fanirian'ny Rio Tinto dia ny hananan'ny orinasa rehetra miara miasa aminy fenitra enti-miady amin'ny kolikoly mitovy amin'izay voasoratra ato amin'ity boky ity.

[1]Mifanaraka amin'ny lalana manan-kery

Fizahan-takelaka

Zava-dehibe tsy maintsy fantarinao 1

Fampidirana 3

Vondrona mandeha amin'ny mangarahara sy fanekena hanara-dalàna 5

Famaritana ankapobeny 6

Tapany voalohany – Ho an'ny rehetra 9
1.0 Tsolotra sy kolikoly 9
2.0 Fanomezana, fialamboly, fitanterana sy tambi-karama 10
3.0 Politika 23
4.0 Fanomezana ho amina asa soa na fanohanana ara-bola 24
5.0 Fitaterana tsolotra sy kolikoly 27

Tapany faharoa – Fanamariahana fanampiny ho an'ny vondron'ny mpitantana 28
6.0 Tatitra amin'ny mpiandraikitra ambony sy famotorana 28
7.0 Boky sy rejistra, fanaraha-maso anatiny 29
8.0 Fiofanana ho fampihenana ny tsy fanarahan-dalana 30
9.0 Fanjarian'asa miankina 32

Fampidirana

Inona no ato anatin'ity boky ity?	Ity boky ity dia manambara ny zavatra takiana ao anatin'ny soritr'asa fanarahan-dalanan'ny vondron'asa.
Natao ho an'iza ny zavatra voasoatra ato amin'ity boky ity?	Ny vondron'asa, ny mpiasa ary mpiantok'asa fototra rehetra (ao anatin'izany ny mpanaramaso ivelany sy ny mpamatsy) dia tsy maintsy manaraka izay fenitra apetrak'ity boky ity. Ny tsy fanarahana izany fenitra izany dia arahina sazy izay mety hiafara amin'ny fandroahana. Mety ho tonga hatramin'ny sazy araka ny lalàna ihany koa izany.
Inona no mitranga raha miteraka faty antoka eo amin'ny orinasa ny fanarahana ilay fenitra?	Ny Rio Tinto dia manohana tanteraka ny mpiasa sy ny mpiantok'asa fototra izay manaraka ny fenitra. Tsy hisy mpiasa na mpiantok'asa fototra ho enjehina noho ny faty antoka nateraky ny fanarahana ny fenitra voasoratra. Raha tsy mitovy amin'ny lalàna misy eo an-toerana ny zavatra voasoratra ato amin'ity fenitra ity, dia izay lalàna entitra kokoa no arahin'ny Rio Tinto.
Oviana no manomboka mihatra ity fenitra ity?	1 janoary 2011 no manomboka mihatra ity fenitra ity raha tsy hoe misy teny midina avy any amin'ny lehiben'ny fanarahan-dalalana era-tany.
Natao ho an'iza ity fenitra ity?	Ho an'ny Sampana fanarahan-dalànan'ny Rio Tinto.
Iza no tompon'andraikitra amin'ny fanarahana ity fenitra ity?	Ny vondrona mpanatanteraka isan-tokony dia tsy maintsy mampihatra sy manamafy ity fenitra ity eo amin'ny sehatr'asa misy azy.
Aiza no ahazoako fanazavana fanampiny?	*Ny ady ho amin'ny kolikoly* dia misy ohatra sy torolalana hanampiana ny vondron'asa. Ao amin'ny *Prospect Protal* (Vondrona ho amin'ny fanarahan-dalàna) no ahitanao ity fitaovana enti-miady amin'ny kolikoly ity. Raha tianao ny hamantatra raha mifanaraka amin'ilay fenitra sy ny lalàna manan-kery ny zavatra ataon'ny olona iray dia apetraho amin'ny mpiandraikitra anao mivantana na/sy amin'ny sampana mpanara-maso ho amin'ny fanarahan-dalanan'ny Rio Tinto ny fanotanianao. Ao amin'ny *Prospect Protal* (vondrona ho amin'ny fanarahan-dalàna) no ahitanao ny listry ny adiresy hifandraisana. Raha manana fanamariahana na misy taratasy mikasika ity fenitra ity tianao ho alefa dia alefaso ao amin'ny compliance6@riotinto.com
Famaritana	Eo ampiandohan'ny andiany tsirairay dia hisy famaritana ny teny izay ampiasaina ao anatin'izany andiany izany. Ao amin'ny andiany Famaritana kosa no ahitana ny famaritana ny teny izay miverimberina amin'ny andiany rehetra.

Vondrona mandeha amin'ny mangarahara sy fanekena hanara-dalàna

Ny fahavononan'i Rio Tinto handeha amin'ny mangarahara sy hanara-dalàna dia velabelarina ao amin'ny boky *Ny fomba fiasantsika*.

"Isika tsirairay avy dia manana andraikitra hiasa amim-pahamarinana rehefa miasa amin'ny anaran'i Rio Tinto. Andrandraina hanaja ny lalàna, Ny fomba fiasantsika' ary ny politika sy fenitr'i Rio Tinto ny mpiasan'i Rio Tinto rehetra any amin'ny toerana rehetra iasantsika. 'Ny fomba fiasantsika' ary ny politika sy fenitr'i Rio Tinto. Tsy antony azo ekena amin'ny tsy fanarahan-dalàna amam-pitsipika ny tsy fahafantarana, koa andraikitsika rehetra ny mahafantatra ny lalàna mifandray amin'ny asantsika."

Ny sanda hijoroanay no miteraka io fanoloran-tena io. Manampy anay ho tonga mpampiasa sy mpiara monina mahafatra-po izany. Manampy anay hanara-dalana izany ary fanalahidy ho amin'ny fahombiazana maharitry ny orinasanay.

Ho fanohanana ity fanekena ity sy ho fanorenana tontolo mifototra amin'ny fandehanana amin'ny mangarahara ary manara-dalana dia nanangana vondrona fampandehanana amin'ny mangarahara sy soritr'asa ho amin'ny fanarahan-dalàna izahay. Ity *Fenitr'asa ho amin'ny mangarahara (ady amin'ny kolikoly)* ity dia singa manana anjara toerana lehibe eo amin'izany soritr'asa izany.

Famaritana akapobeny

Ny atao hoe **mpikambana** dia:

- Olona miara-miasa amin'ny Rio Tinto;
- Namana akaiky ;
- Sendikan'ny mpiasa na ny mpiantok'asa fototra; na
- Tale na lehiben'ny orinasa na fikambanana hananan'ny mpiasa na mpiantok'asa fototra fahefana.

Tafiditra ao anatin'ny **mpiantok'asa fototra** ny mpiantok'asa, ny mpanaramaso ary ny mpamatsy ara-kasa ao anatin'ny 'sokajy voalohany' sy ireo hafa izay takian'ny vondron'asa hanatrika ny fihofanana ho amin'ny fanarahan-dalàna.

FANAMARIHANA:
Ao amin'ny torolalana ho amin'ny ady amin'ny kolikoly no ahitanao ny torolalana mikasika io teny io.

Tafiditra ao amin'ny **mpiantok'asa** ireo olo-tokana karamaina an-tselika natolotry ny mpiantoka na orinasa ivelany.

Ao anatin'ny **mpiasa** avokoa ny tale, mpiandraikitra sy ny mpiasa (na maharitra na an-tselika) ary ireo mpiasa an-tselika karamain'ny Rio Tinto kanefa tsy tafiditra ao anatin'ny sokajy mpiantok'asa.

Ny atao hoe **GBCP** (Group business compliance programme) dia soritr'asa ho amin'ny fanarahan-dalànan'ny vondron'asa manaraka ny fepetra takiana.

Famaritana ankapobeny, tohiny…

Mpiasam-panjakana:

- Mpiasa na mpiandraikitra ao amin'ny governemanta na orinasam-panjakana;
- Mpiasa ao amina sampan'asam-panjakana na olona mana-pahefana;
- Mpiasa na mpiandraikitra antoko politika na solo-tena politika;
- Mpiasa na mpiandraikitra fikambanana iraisam-pirenena tahaka ny Firenena Mikambana, Banky Iraisam-pirenena na Fanohanana ara-bola iraisam-pirenena;
- Mpitsara na mpanao lalàna ;
- Olo-tokana voatondro hanao asa araka ny fomban-drazana, toy ny ankohonana mpanjaka, na mpitarika foko;
- Mpanelanelana na olona mijoro eo amin'ny toeran'ny mpiasa mpanjakana iray; na
- Havana na mpiara-miasa amin'izany mpiasa mpanjakana izany.

FANAMARIHANA:

a) Tafiditra ao anatin'ny mpiasam-panjakana ny polisy, mpandray hetra sy fadi-tseranana, mpiasa amina orinasam-panjakana, mpanao politika sy ny ankohonany ary ny havany.

b) Raha tsy azonao antoka ny maha mpiasam-panjakana olona iray na ny maha orinasam-panjakana ny orinasa iray dia azonao atao ny mijery ny boky mikasika ny fanarahan-dalànan'ny Rio Tinto.

Vondron'asa:

- Vondrom-bokatry ny Rio Tinto; na
- Vondron'ny asa maneran-tany eo ambany fifehezan'ny vondron'ny mpanatanteraka.

Vondron'ny mpanatanteraka: mpanatanteraka ambonin'ny vondrom-bokatra na, raha eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, mpanatanteraka mpikambana ao amin'ny komitin'ny mpanatanteraky ny Rio Tinto.

Fitantanana anatiny: ny boky Ny fomba fiasantsika, ny lalàna mifehy, ny fenitra, sy ireo fitantanana anatiny rehetra ampiasaina mba ahatonga ny rehetra hanaraka ny lalàna sy hiatrehana ny mety ho tsy fanarahan-dalàna misy.

Firenena voatendry: firenena manana salan'isa ambanin'ny 6,5 taorian'ny famotorana momba ny kolikoly ataon'ny Transparency International (TI).

Havana: Havana akaiky, ao anatin'izany ny vady, sakaiza, ray aman-dreny, zanaka sy iray tampo mifanapatsinay, fanambadiana na fananganan-janaka, rafozana sy izay rehetra miaraka mipetraka aminy ankoatry ny mpanofa trano sy ny mpiasa an-trano.

Rio Tinto, Rio Tinto Group, Group: Rio Tinto plc, Rio Tinto Limited sy izay orinasa rehetra amin'ny anarana na tantanan'ny Rio Tinto plc na Rio Tinto Limited, na mivantana na ankolaka.

FANAMARIHANA:
Tsy tafiditra ao anatin'ity famaritana ity ny Queensland Alumina Limited, na dia mpiombon'antoka maro an'isa aza ny Rio Tinto plc sy ny Rio Tinto Limited. Raha mila fanazavana fanampiny ianao mikasika orinasa iray sy ny fifandraisany amin'ny Rio Tinto Group dia mila maka toro-hevitra avy amin'ny Rio Tinto Legal.

Mpiasan'ny Rio Tinto: Mpiasan'ny Rio Tinto sy ireo mpiantok'asa fototra.

Tapany voalohany – Natao ho an'ny rehetra

1.0 Tsolotra sy kolikoly

Raràn'ny Rio Tinto ny tsolotra sy ny kolikoly amin'ny endriny rehetra.

Ireto ny famaritana ny teny ampiasaina ato amin'ity andiany ity:

Vola fanafainganan-draharaha: fandoavam-bola (vola kely matetika) tsy ofisialy amina olom-panjakana (olom-panjakana amin'ny sehatra ambany) ho antoka na ho fanafainganana ny asa ao amin'ny sampandraharaha iandraiketan'io olom-panjakana io. Tsy azo atao ny manao izany.

Tsy azo atao ny manao tsolotra.
Ny mpiasan'ny Rio Tinto dia tsy mahazo manao na mandray anjara amina tsolotra na kolikoly.

Tsy azonao ato ny mampanantena, manome, na mitaky tsolotra na tombotsoa manokana, na mivantana na ankolaka, mba ahazoana tombotsoa manokana na fanampiana ho amin'ny fanatanterahana ny asa. Tsy azonao atao ny manao izany na amina mpiasam-panjakana, na olona manokana na orinasa.

Tsy azo atao ny manome vola fanafainganan-draharaha. Ny mpiasan'ny Rio Tinto dia tsy mahazo manome vola ho fanafainganan-draharaha ho an'ny mpiasam-panjakana, na mivantana izany na ankolaka.

Tsy azo atao ny manome vola ho an'ny mpiasam-panjakana afatsy araka izay voasoratra ao amin'ity boky ity ihany. Tsy azon'ny mpiasan'ny Rio Tinto atao ny manome vola mpiasam-panjakana ivelan'ny torolalan voasorotra ao amin'ity fenitra ity.

FANAMARIHANA:
Ao amin'ny torolalana ho amin'ny ady amin'ny kolikoly no ahitana torolalana mikasika ny fandoavam-bola amin'ny ara-dalàna.

Azonao atao ny mandoa vola ho fiarovana ny tenanao. Raha misy fitakiana ara-bola miaro fandrahonana izay mety hampidi-doza ny mpiasan'ny Rio Tinto dia azony atao ny mandoa izany vola izany na dia ao anatin'ny fandoavam-bola voarara aza. Amin'ny tranga toy izany dia tokony ho azon'ny vondron'asa antoka tsara:

- Ny fanoratana ilay fandoavam-bola ao amin'ny rejistra ary manazava fa vola naloa tsy ara-dalana ho fiarovana ny ain'ny mpiasa io vola io;
- Ny fanaovana tatitra haingana araka izay azo atao any amin'ny vondrona mpanatanteraka, mpiandraikitra iraisam-pirenena ny amin'ny fanarahan-dalàna, sy ny mpiandraikitra irasam-pirenena ho amin'ny fiarovana.

2.0 Fanomezana, fialamboly, fitanterana sy tambi-karama

Tsy azo atao ny manome na mandray fanomezana, fialamboly, fitanterana na tambi-karama ho valisoa ahazoana fikarakarana manokana.

Ireto ny teny ampiasaina ato amin'ity andininy ity:

Tombotsoa: fanomezana, fialamboly na fitanterana.

FANAMARIHANA:
Tsy tafiditra ao anatin'ny tombotsoa ny tambi-karama.

Fetra ho an'ilay firenena: Fetra napetraka ho an'ilay firenena araka izay voasoratra ao amin'ny *Prospect Portal* (vondrona ho amin'ny fanarahan-dalàna) ady amin'ny kolikoly.

Fialamboly: tsy tafiditra ao anatin'ny atao hoe fialamboly ny fiaraha-misakafo hampandrosoana, hampahafantarana na handinihina ny asan'ny Rio Tinto.

Rafitra fitantanana ny vola mivoaka: rafitra ampiasain'ny vondron'asa hitantanana ny fitakiam-bola ataon'ny mpiasa.

Fanomezana: Zavatra manan-danja omena na raisina tsy atakalo sanda ara-barotra mifanaraka amin'izany.

Tambi-karama: vola aloa (kajiana isan'andro) ho tambin'ny fitanterana, sakafo, trano sy vola mivoaka hafa izay mifandraika amin'ny asa ataon'ny olona ivelan'ny Rio Tinto ho fanatanterahana na ho fanatrehana fivoriana ara-kasan'ny Rio Tinto.

2.0 Fanomezana, fialamboly, fitanterana sy tambi-karama, tohiny…

Tabilao famintinana ny tombotsoa

Salan'isa (raha manaraka ny zavatra takiana rehetra)	Rejistra?	Mila fahazoan-dalana?
Salan'isa**	Tsia	Tsia
<Fetra ho an'ilay firenena	Eny	Tsia
<Fetra ho an'ilay firenena	Eny	Eny, ny mpiandraikitra anao
> 2 x Fetra ho an'ilay firenena	Eny	Eny, bandy C farafahakeliny

**ambanin'ny 25 isan-jaton'ny fetra ho an'ilay firenena. Vakio andiniy 2.5.

FANAMARIHANA:
Ny firenena tsirairay dia manana fetra manokana ho an'ny mpiasam-panjakana ary fetra hafa ho an'ny olona ivelan'ny orinasa. Jereo andalana 2.7.

2.1 Ny fanomezana, fialamboly, fitanterana sy ny tambi-karama dia mety hanana endrika tsolotra

Ny fanomezana, fialamboly, fitanterana sy ny tambi-karama dia tsy tokony omena na raisina ho fahazoana fikarakarana manokana amin'ny fanantaterahana ny asa, na mivantana izany na ankolaka.

Ny tombotsoa rehetra dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny lalana manan-kery sy ny lalana mifehy ilay orinasa mpiara-miasa. Ny mpiasan'ny Rio Tinto dia tsy mahazo mampanatena na manome tombontsoa izay tsy mifanaraka amin'ny lalana manan-kery sy ny lalana mifehy ny orinasa mpiara-miasa. Dia torak'izany ihany koa, tsy azon'ny mpiasan'ny Rio Tinto atao ny mandray tombotsoa tsy mifanaraka amin'ny lalàna manan-kery na ny lalàna mifehy ny orinasa mpiara-miasa.

Tsy azo atao ny manome lelavola. Tsy azonao atao ny manome vola na zavatra mitovy sanda amin'izany (karatra banky, taratasim-bola) tahaka ny fanomezana ho solon'ny fialamboly na fitanterana.

FANAMARIHANA:
Misy toe-javatra maha-mety ny manome vola (ohatra: fahoriana any japon). Mila mahazo fahazoan-dalàna mialoha avy amin'ny mpiandraikitra mivantana Bandy C (tale mpitantana/filoha) na ny amboniny ny toe-javatra toy izany.

2.0 Fanomezana, fialamboly, fitanterana sy tambi-karama, tohiny…

Ny **tombontsoa** rehetra ampanantenaina homena na horaisina dia tsy maintsy:

- Omena na raisina amin'ny anaran'ny Rio Tinto fa tsy amin'ny anaran'ilay mpiasa na ilay mpiantok'asa fototra.
- Araka ny fomban'ilay tany, na ny karazany na ny sandany, ary mifanaraka amin'ilay firenena no sady omena na raisina amin'ny fotoana sy/na toe-javatra maha mety azy.
- Omena na raisina tsy ankinafinafina, no sady
- Tsy omena na raisin'ny olona efa nandray na nanome tombotsoa mihotra ny in-3 tao anatin'ny 12 volana.

  FANAMARIHANA:
  Raha misy mikasa hanome tombotsoa ho ana vondrona mpiasa na mpiantok'asa fototra dia andraikitry ny mpiasa manana toerana ambony indrindra ao amin'ilay vondrona no mangataka fahazoan-dalàna ho an'ilay vondrona araka izay voasoratra ato amin'ity boky ity.

Fialamboly. Ny fialamboly rehetra ampanatenainao omena dia:

- Tsy maintsy atao eo anatrehan'ilay orinasa Rio Tinto mpanasa, izany hoe ny mpiasan'ny vondron'asa na ny mpiantok'asa fototra manome ilay fialamboly;
- Tsy maintsy mifandraika amin'ny fanatanterahana fifanarahana, fampahafantarana, fanazavana na fanehoana ny asa ataon'ny Rio Tinto; ary
- Ho an'ny:
  - Mpiasam-panjakana; sy
  - Olona omena ilay fialamboly (toy ny fanasana hijery fanatanjahan-tena na fampisehoana ara-kolotsaina miavaka toy ny fifaninana tennis, fifaninana eran-tany na fety fanokafana ohatra),

  Ary tsy maintsy arahina:
  a) Fanasana an-tsoratra manazava ny fifanarahana misy eo amin'ny Rio Tinto sy ny mpampiasa ilay olona mandray ilay fialamboly, sy
  b) Fanekena an-tsoratra avy amin'ilay mpampiasa.

Tapakila ho an'ny olona ivelan'ny orinasa. Ny tapakila (miaraka amin'ny trano sy ny vola lany rehetra mifandraika amin'izany) ampanantenainao, na omenao olona hafa dia tsy maintsy:

- Ao anatin'ny fifanarahana misy na fanaovana asa fampahafatarana, fanehoana na fanazavana ny zavatra ataon'ny Rio Tinto;
- Omena ny olona tokony ahazo izany;
- Ho an'ny:
  - Mpiasam-panjakana, na
  - Olona hafa miampita firenena hafa.

  Tsy maintsy arahina:
  a) Fanasana an-tsoratra manazava ny fifanarahana misy eo amin'ny Rio Tinto sy ny mpampiasa ilay oloana mandray ilay fialamboly, sy
  b) Fanekena an-tsoratra avy amin'ilay mpampiasa.
- Tsy dia mifanalavitra amin'ny sanda omena ny mpiasan'ny Rio Tinto;
- Ny havana na olona hafa manaraka ilay olona dia tsy iantohan'ny Rio Tinto, na ny diany na ny hofan'ny trano ipetrahany.
- Tsy miantoka ny vola lany eny an-dalàna.

FANAMARIHANA:
Raha misy fanapaha-kevitra miandry valiny avy amin'ny fanjakana na avy amin'ny orinasa iasan'ilay olona tao anatin'ny 12 volana dia tsy azo atao ny manome tombotsoa ho azy raha tsy efa nahazoana alàlana avy amin'ny mpiandraikitra (Bandy C farafahakeliny) araka izay voalaza ao amin'ny andalana 2.2.

2.0 Fanomezana, fialamboly, fitanterana sy tambi-karama, tohiny…

2.2 Fotoana manao ahoana no ilàna fahazoan-dalana?

Kisary mampiseho ny drafitra ho amin'ny fanomezan-dalana ahazoana tombotsoa



Ny kisary etsy ambony dia mampiseho ny fahazoan-dalana ilaina ahazoana tombotsoa araka ny andalana 2.2

Tsy mila fahazoan-dalana: Raha narahana antsakany sy andavany ny zavatra rehetra voasoratra ao amin'ny andalana 2.1 ary raha kely na mitovy amin'ny fetra ho an'ilay firenena ilay tombon-tsoa dia tsy ilaina ny maka fahazoan-dalana avy amin'ny mpiandraikitra.

FANAMARIHANA:
Na dia tsy ilaina aza ny maka fahazoan-dalana avy amin'ny mpiandraikitra dia mety hisy fitakiana apetraky ny vondron'asa.

Fahazoan-dalana mialoha avy amin'ny mpiandraikitra: Raha narahana antsakany sy andavany ny zavatra rehetra voasoratra ao amin'ny andalana 2.1 kanefa lehibe noho ny fetran'ilay firenena nefa tsy mihoatra ny avo roa henin'ilay fetra ilay tombon-tsoa dia tsy maintsy mangataka fahazoan-dalana avy amin'ny mpiandraikitra ilay mpiasan'i Rio Tinto manome na mandray ilay tombon-tsoa.

Fahazoan-dalana mialoha avy amin'ny mpiandraikitra bandy C (tale mpitantana/filoha): Raha tsy tontosa antsakany sy andavany izay voasoratra ao amin'ny andalana 2.1 NA raha mihoatra ny avo roa henin'ny fetra ho an'ilay firenena ilay tombotsoa dia tsy maintsy mangataka fahazoan-dalana avy amin'ny mpiandraikitra mivantana bandy C (tale mpitantana/filoha) na ny amboin'izay ilay mpiasan'ny Rio Tinto manome na mandray ilay tombotsoa.

FANAMARIAHANA:

a) Tsy maintsy atao an-tsoratra ny fahazoan-dalana mialoha (azo ekena ny email). Tsy maintsy azo mialoha izany fahazoan-dalana izany alohan'ny hampanatenana na hanomezana ilay tombotsoa. Raha azo atao dia tsara ny mahazo fahazoan-dalana alohan'ny handraisan'ny mpiasan'ny Rio Tinto tombotsoa – raha tsy izany dia alaina haingana araka izay azo atao ilay fahazoan-dalana.

b) **Tsy misy manana zo hanome fahazoan-dalana hanome tombotsoa manana endrika tsolotra – vakio ny fehezan-teny voalohany ao amin'ny andalana 2.1.**

2.0 Fanomezana, fialamboly, fitanterana sy tambi-karama, tohiny…

2.3 Tambin-karama

FANAMARIHANA:

a) Ny fanomezana tambi-karama dia ho amin'ny trangan-javatra manokana. Tsy dia tena ankasitrahan'ny Rio Tinto tanteraka ny fanomezana izany. Na izany na tsy izany aza anefa dia misy trangan-javatra manokana anekeny izany.

b) Mila soratana miavaka tsara ao amin'ny rejistra ny fanomezana tambi-karama. Tsy manaraka ny drafitra famoaham-bola tsotra ny tambi-karama.

Ny fandohavana tambi-karama ho an'ny olona ivelan'ny orinasa dia:

- Tsy azo atao ahatonga ilay olona ivelan'ny orinasa hanome tombotsoa manokana;
- Tsy maintsy mifanaraka amin'ny lalana manan-kery sy ny lalana mifehy ny orinasa hiasan'ilay olona ivelan'ny Rio Tinto;
- Araka ny fomban'ilay firenena;
- Atao ankarihary;
- Tsy maintsy misy fifanarahana an-tsoratra amin'ilay mpampiasa ilay olona ivelan'ny Rio Tinto mandray ilay tambi-karama;
- Tsy mahazo ampidirina ao anatin'ilay tambi-karama ny havana na mpiara-miasa amin'ilay olona ivelan'ny Rio Tinto mandray ilay tambi-karama;
- Aloha na omena amin'ny anaran'i Rio Tinto;
- Tsy maintsy mifandraika amin'ny fanantanterahana izay voasoratra ao amin'ny fifanarahana, fanehoana na fampahafantarana ny asan'ny Rio Tinto; ary
- Tsy mahazo mihoatra ny fetra ho an'ilay firenena.

Mila fahazoan-dalana mandrakariva ny fanomezana tambi-karama olona ivelan'ny orinasa. Raha ho an'ny olona tsy mpiasam-panjakana ilay tambi-karama kanefa manaraka ny fenitra rehetra voasoratra etsy ambony dia tsy manitsy mangataka fahazoan-dalana an-tsoratra amin'ny mpiandraikitra anao ianao. Fahazoan-dalana avy amina mpiandraikitra bandy C (tale mpitantana/filoha) no ilaina raha mpiasa-panjakana no homena ilay tambi-karama.

FANAMARIHANA:

c) Tsy maintsy atao an-tsoratra no angalana ilay fahazoan-dalana (azo ekena ny email) ary tsy maintsy azo io fanomezan-dalana io alohan'ny hanomezana ilay tambi-karama;

d) Tsarovy fa tafiditra ao anatin'ny mpiasam-panjakana ny olona miasa ho amina orinasam-panjakana;

e) Tsy misy manana zo hanome fahazoan-dalana hanome tambi-karama izay manana endrika tsolotra – vakio ny fehezan-teny voalohany ao amin'ny andalana 2.1.

2.0 Fanomezana, fialamboly, fitanterana sy tambi-karama, tohiny…

2.4 Ny mpiasan'ny Rio Tinto mandray tambi-karama dia tsy maintsy maka fahazoan-dalana

Na ianao na ny havanao dia tsy mahazo mandray tambi-karama avy amin'ny orinasa ivelany noho ny toerana na asanao ato amin'ny Rio Tinto raha tsy misy fahazoan-dalana voasotra mialoha:

- Raha kely noho ny fetra ho an'ilay firenena misy anao ilay tambi-karama dia mila fahazoan-dalana avy amin'ny mpiandraikitra anao mivantana;
- Ankoatr'izay dia fahazoan-dalana avy amina mpiandraikitra bandy C (tale mpitantana/filoha).

Tsy maintsy soratana amin'ny fomba mangarahara tsara izany tambi-karama izany. Ny vola rehetra dia tsy maintsy aloha amin'ny anaran'ny vondron'asa.

2.5 Soratana mazava tsara ao aminy rejistra ny tambi-karama

Tsy maintsy soratana mazava tsara ao amin'ny rejistry ny vondron'asa ny tombo-tsoa rehetra omena na raisina avy amin'ny olona ivelan'ny Rio Tinto, raha tsy hoe tombotsoa omena mifanaraka amin'ny asa natolotra. Ny tambi-karama rehetra dia tsy maintsy soratana mazava tsara ao amin'ny rejistry ny vondron'asa.

FANAMARIHANA:
Ireo karazana tombotsoa omena ho tambin'ny asa vita dia hita ao amin'ny toro-lalana ho amin'ny ady amin'ny kolikoly. Amin'ny ankapobeny ny sandam-bola latsaky ny 25 isan-jaton'ny fetra ho an'ilay firenena dia azo sokajiana ho isan'izany.

Ireto zavatra manaraka ireto no tsy maintsy tafiditra ao antin'ny rejistra:

- Fanomezana, fialam-boly, fitaterana sa tambi-karama;
- Ny karazany sy ny antony hanomezana na handraisana azy;
- Daty nanomezana na nandraisana azy;
- Sandam-bola na sandan'ilay tombo-tsoa atolotra (isaky ny olona mandray) ary raha tambi-karama dia ny fomba nanaovana ny kajy;
- Ny toerana misy ilay olona ivelan'ny Rio Tinto nandray na nanome – orinasa/olon-tsotra/governemanta/mpiasan'ny governemanta/mpiasam-panjakana; ary
- Ny momba ilay olona ivelan'ny Rio Tinto nandray na nanome – anarana manontolo, asa, sampan'asa sy orinasa/manampahefanam-panjakana.

Raha mila fahazoan-dalana mialoha avy amin'ny mpiandraikitra na tambi-karama ilay tombo-tsoa dia tsy maintsy miampy ireto zavatra manaraka ireto:

- Ny mombamomba ireo tombo-tsoa nomena na noraisina avy amin'ilay olona ivelan'ny Rio Tinto tao anatin'ny 12 volana;
- Dika-soratr'ilay fahazoan-dalana; ary
- Mombamomba ny zavatra nataon'ilay olona na mety ho ataony amin'ny Rio Tinto tao anatin'ny 12 vola lasa na ho avy.

2.0 Fanomezana, fialamboly, fitanterana sy tambi-karama, tohiny…

Afaka misafidy ny vondron'asa raha hanoratra ny tombo-tsoa nomena na noraisina araka ny drafitra fitantanam-bola na ao amina rejistra manokana ho an'izany. Ny tambi-karama dia tsy maintsy manana rejistra manokana. Ampidirina ho isan'ny boky sy rejistry ny vondron'asa io rejistra io.

FANAMARIHANA:

a) Misy karazana rejistra azo alaina tahaka ao amin'ny *Ady ho amin'ny kolikoly.*

b) Ny tombo-tsoa nomena na noraisin'ny mpiasa na mpiantok'asa fototra izay soratana ao amin'ny drafitra fitantanana ara-bola dia tsy maintsy atao feno tsara. Ao anatin'izany ny taratasy fahazoan-dalana sy izay taratasy rehetra mifandraika amin'izany (tapakila, faktiora, sns).

2.6 Fikajiana ny sandan'ilay fanomezana na ny fialam-boly

Izay lehibe amin'ireto manaraka ireto no hikajiana ny sandan'ilay fanomezana:

- Ilay tena vidiny (ohatra: ny vidin'ilay fanomezana omena); na
- Ny mety ho vidiny sahaza an'ilay fanomezana (ohatrinona no tena vidin'ilay fanomezana raha araka ny tokony ho izy).

Ny sandan'ny fialam-boly dia ny tambatry ny sandan'ilay fialam-boly zaraina amin'ny isan'ny olona.

FANAMARIHANA:
Raha tsy fantatra ny tena sandan'ilay fanomezana na fialam-boly atolotr'ilay olona ivelan'ny orinasa dia vinavinaina.

2.7 Fetra ho an'ilay firenena

Ny vondron'ny mpanatanteraka eo amin'ilay firenena sy ny tompon'andraikitra iraisam-pirenena ho amin'ny fanarahan-dalana no manapaka ny fetra ho an'ny firenena iray.

- Tompon'andraikitra amin'ny fampitana izany fetra izany amin'ny mpiasa sy ny mpiantok'asa fototra rehetra tokony ahafantatra izany ny vondron'ny mpanatanteraka.
- Ny tompon'andraikitra iraisam-pirenena ho amin'ny fanarahan-dalana kosa no manoratra izany fetra izany ao amin'ny boky ady ho amin'ny kolikoly *Prospect Portal* (vondrona ho amin'ny fanarahan-dalana).

FANAMARIHANA:

a) Ho amin'ny firenena tsirairay dia samy hafa ny fetra ho an'ny mpiasam-panjakana sy ny olona ivelan'ny orinisa.

b) Raha tsy misy fetra voatendry ho an'ilay firenena dia ny fetra voasoratra ao amin'ny *Prospect Portal* (vondrona ho amin'ny fanarahan-dalana) no ampiasaina.

c) Mihatra ho an'ny mpiasan'ny Rio Tinto mitsidika ilay firenena ny fetra ho an'io firenena io.

d) Tsy manakana ny vondron'asa hametra fetra kelikely kokoa noho izay misy ho an'ny mpiasa na mpiantok'asa fototra ity fenitra ity. Amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy ampitaina matetika amin'ny mpiasa sy ny mpiantok'asa fototra tokony ahalala izany ilay fetra vaovao ary ampahafatarina ny mpiandraikitra iraisam-pirenenan'ny fanarahan-dalana.

3.0 Politika

Tsy manao politika ny Rio Tinto. Tsy manakarama antoko politika na politisiana ny Rio Tinto.

Tsy manao politika ny Rio Tinto. Ny vondron'asa dia tsy mahazo manao politika na manakarama politisiana, na mivantana na ankolaka.

Ny mpiasa dia afaka manao politika fa amin'ny anaran'ny tenany irery ihany. Ny vondron'asa dia tsy tokony hanakana ny mpiasa hanao politika raha manao izany amin'ny maha olom-pirenena azy izy ary tsy mampiasa ny vola, fitaovana, fotoana na ny mpiasan'ny Rio Tinto. Tsy azony atao ihany koa ny mitondra ny anaran'ny Rio Tinto.

Ny mpiasan'ny Rio Tinto dia tsy tokony:

- Hampiasa ny vola, fitaovana, fotoana na ny mpiasan'ny Rio Tinto, ao anatin'izany ny famatsiana ara-pitaovana na ara-kasa ho fandraisan'anjara ara-politika na ho fanampiana antoko politika, na politisiana manokana na olona milatsaka ho fidiana;
- Hanakarama, hampisambotra, na manome fanomezana ho an'antoko politika, mpanao politika na olona milatsaka ho fidiana amin'ny volan'ny Rio Tinto;
- Hampiasa ny volan'ny Rio Tinto ho fidirana amina konferansa, fiaraha-misakafo na hitsika samihafa karakarain'antoko politika, politisiana, olona milatsa ho fidiana na ireo olona manohana azy, na mampiasa ilay vola hividianana zavatra ho fanampiana amin'ny fitadiavam-bola;
- Hiantoka saran-dalana, na trano ho ana mpanao politika na olona milatsaka ho fidiana raha tsy hoe misy antony manokana mifanaraka amin'izay voasoratra ao anatin'ity boky ity;
- Hampiasa ny volan'ny Rio Tinto ho fandraisan'anjara ho an'antoko politika, mpanao politika na olona milatsaka ho fidiana;
- Hanentana mpiasa na mpiantok'asa fototra hanohana antoko politika, politisiana na olona milatsaka ho fidiana mandritra ny fotoanan'ny Rio Tinto na amin'ny alàlan'ny vola, fitaovana na mpiasan'ny Rio Tinto; na
- Hampiasa ny volan'ny Rio Tinto ho fanakaramana fikambanana izay mijoro ho ana antoko politika na mamatsy vola antoko politika, politisiana na olona milatsaka ho fidiana.

Mitandrema tsara rehefa manendry mpiasam-panjakana. Ny vondron'asa dia tsy tokony hanao ny zavatra voalaza etsy ambany raha tsy mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny vondron'ny mpanantanteraka:

- Mandray politisiana na mpiasam-panjakana ho mpanara-maso ivelany;
- Manendry politisiana na mpiasam-panjakana (na politisiana na mpiasam-panjakana retirety na niala tamin'ny asany tao anatin'ny 12 volana) ao amin'ny orinasa.

  FANAMARIHANA:
  Velabelarina ao amin'ny Toro-lalana ho amin'ny ady amin'ny kolikoly ny momba ny komity politika any Etazonia.

4.0 Fanomezana ho amin'ny asa soa na fanohanana ara-bola

Tsy manome fanomezana ho amina asa soa na fanohanana ara-bola izay mety manana endrika tsolotra na tolobotsitra mba ahazoana tombotsoa ara-kasa manokana ny Rio Tinto.

FANAMARIHANA:
Ny zavatra rehetra voasoratra ato amin'ity andalana ity dia tsy manafoana ny fikasanay hanorina fifandraisana amin'ireo manodidina anay izay miseho amin'ny alalan'ny fifanajana, fiaraha-miasa ary fifanoloran-tena maharitra.

Ireto ny famaritana ampiasaina ato amin'ity andiany ity:

Fanomezana ho amin'ny asa soa dia fanomezana omena ho fanohanana fikambanana mpanao asa soa (anisan'izany ny toeram-piofanana toy ny Oniversite), fandraisana anjara amin'ny asa soa, fanomezana ho fanasoavana na asa famokarana tsy handraisan-karama.

Fanomezana dia zavatra (fotoana, vola, fitaovana na olona), kely na lehibe, omena antsitra-po tsy misy tambiny ho an'ny fikambanana (na mpanao asa soa na tsia), na olon-tsotra mba ho fanohanana hetsika. Ny fanohanana ara-bola dia ahazaona tombony ara-barotra; noho izany dia tsy mitovy amin'ny fanomezana ny fanohanana ara-bola.

Fanohanana ara-bola dia fanohanana hetsika, na fikambanana (anisan'isany ny toeram-piofanana toy ny Onversite) amin'ny fanomezana vola, na fitaovana ho solona zo na tombotsoa manokana na fikambanana izay azo ampiasaina. Samy mahazo tombony na ny mpanome na ny mandray fanohanana ara-bola. Mety ho kely na ho lehibe izany. Ny fanohanana ara-bola dia mety ho indray mandeha miseho kanefa mety ho fifanekena maharitra ihany koa. Mety ho fanohanana ara-bola eo an-toerana, ho fanohanana ny fiaraha-monina na hanamafisana ny sanda hijoroan'ny vondrona.

Ny fanomezana ho aminny asa soa sy ny fanohanana ara-bola dia tsy tokony homena ahazoana tombon-tsoa manokana tsy ara-drariny. Ny fanomezana ho amin'ny asa soa sy ny fanohanana ara-bola dia tokony atao am-pahatsorana tanteraka fa tsy tahakan'ny tsolotra miafina akory sanatria.

Ny fanomezana ho amin'ny asa soa dia tsy natao ho an'olon-tokana. Vondron'olona, fikambanana, fikambanana mpanao asa soa, fikambanana tsy miankina amin'ny governemanta na fikambanana manohana ny fiaraha-monina sy/na toeram-piofanana tahaka ny Oniversite tokana ihany no tokony homen'ny vondron'asa fanomezana ho amin'ny asa soa na fanohanana ara-bola.

Ny fanomezana ho amin'ny asa soa sy ny fanohanana ara-bola dia tsy tokony hisy fifandraisany ara-politika. Ny vondron'asa dia tsy tokony hanome fanomezana ho amin'ny asa soa na fanohanana ara-bola ho an'ny fikambanana mifandray amin'ny antoko politika na politisiana.

Ny fanomezana ho amin'ny asa soa sy ny fanohanana ara-bola dia tsy maintsy:

- Ankatoavin'ny lalàna manan-kery;
- Raisina an-tsoratra mazava tsara ao amin'ny rejistry ny volan'ny vondron'asa;
- Ho amin'ny asa soa na ho fanasoavana ny fiaraha-monina; ary
- Nahazoana fahazoan-dalàna mialoha avy amin'ny mpitantana bandy C (tale mpitantana/filoha) farafahakeliny.

Ny fanohanana ara-bola dia atao mazava tsara miaraka amin'ny fifanekena an-tsoratra miaraka amin'ilay fikambanana mandray izany.

5.0 Fitaterana tsolotra sy kolikoly

Ny mpiasan'ny Rio Tinto rehetra dia tompon'andraikitra amin'ny fanaovana tatitra raha mahita tsy fanarahan-dalana araka izay voasoratra ato amin'ity boky ity.[2]

Ireto ny famaritana ampiasaina ato amin'ity andiany ity:

Marika fampitandremana: porofo maneho kolikoly sy tsy fanarahanan-dalana araka izay voasoratra ao amin'ny boky: ady amin'ny kolikoly, Ny fomba fiasantsika sy miasa ao amin'ny mangarahara, hita eo amin'ny mpiasa, mpanaramaso ivelany, mpiantok'asa, mpanolon-tsaina, na orin'asa manana fifanarahana arak'asa miaraka amin'ny Rio Tinto.

Fantaro ny zava-misy dia mitenena. Ny mpiasan'ny Rio Tinto rehetra dia tokony ho mailo raha vao mahita marika fampitandremana mifandraika amin'ny tsolotra na kolikoly ary mitatitra izany amin'ny mpiandraikitra azy mivantana na mpiandraikitra ambony.

Fanalahidy amin'ny fanarahan-dalana ny fanaovana tatitra. Ny mpiasan'ny Rio Tinto rehetra izay mahatsikaritra na manana fanahiana mikasika tsy fanarahan-dalàna araka izay voasoratra ao amin'ny boky dia tokony hanao tatitra momba izany amin'ny mpiandraikitra azy mivantana. Raha misy antony manokana tsy mahamety ny hanaovana ilay tatitra amin'ilay mpiandraikitra anao mivantana dia azonao atao ny manao izany amin'ny mpiandraikitra hafa izay manana toerana ambony noho ianao. Izay mandray ilay tatitra dia tokony hitondra izany eo amin'ny mpanatanteraka ambony indrindra.

Manaova tatitra **mandrakariva** raha vao misy mamporisika anao hanao zavatra tsy araka ny lalana. Ny mpiasan'ny Rio Tinto rehetra izay:

- Misy manasa handray anjara, mivantana na ankolaka, hanao tsolotra na kolikoly, na
- Mahita zavatra izay ahiana ho tsolotra na kolikoly,

Dia tsy maintsy manao tatatra amin'ny mpiandraikitra azy mivantana haingana araka izay azo atao.

TSAROVY FA:
Azonao atao ny:

- Miresaka amin'ny mpiandraikitra anao: – Izy no olona tsara resahina voalohany indrindra; na
- Mifandray amin'ny Sampana fanarahan-dalanan'ny Rio Tinto; na
- Mampiasa ny soritr'asa fampahafantarana – *Mitenena*.

Raha mila fanazavana fanampiny dia jereo ny *Fampiharana ao amin'ny ady ho amin'ny kolikoly.*

[2] Mifanaraka amin'ny lalana manan-kery

Tapany faharoa – Fanamarihana fanampiny ho an'ny vondron'ny mpitantana

6.0 Tatitra amin'ny mpiandraikitra ambony sy famotorana

Manao famotorana ny Rio Tinto rehefa misy tsy fanarahan-dalana ahiahiana.

Ampahafantaro ny olona tokony ampahafatarina rehefa misy olana mitranga. Ny vondron'asa dia tsy maintsy manao izay azony atao mba hampiakarana ny trangan-javatra taterin'ny mpiasan'ny Rio Tinto. Tahaka ny hosoka araka ny andininy 3.3.1 *Fenitra sy toro-hevitra mikasika ny hosoka*, no hitanterana ny ahiahy, fitoriana sy tatitra momban'ny fandikana ny lalàna araka izay napetraky ny fenitra. Ho fanampin'izany dia tsy maintsy manao tatitra amin'ny mpiandraikitra eran-tany ho amin'ny fanarahan-dalàna sy ny mpiandraikitry ny fiantohana iraisana haingana araka izay azo atao ny vondron'asa raha toe-javatra miteraka olana govana eo amin'ny fitantanana ilay toe-javatra. Vakio ny andalana 3.4.1. n'ny *Fenitra sy toro-hevitra mikasika ny hosoka*.

Famotorana ataon'ny vondron'asa. Ny vondron'asa dia tsy maintsy manao famotorana amin'ny toe-javatra toy izany – jereo ny andalana 4.1.4. sy 4.1.13. ao amin'ny boky F*enitry ny fanarahan-dalàna sy Fenitra arahina amin'ny famotorana manoloana fitoriana mikasika fahadisoana goavana.*

7.0 Boky sy rejistra, fanaraha-maso anatiny

Tsy maintsy marina tsara daholo ny boky sy ny fanoratana ny rejistra rehetra ao amin'ny Rio Tinto.

Hamarino tsara ary ataovy amin'ny mangarahara ny fanoratana ny vola mivoaka rehetra. Ny vondron'asa dia tsy maintsy mametraka fomba fiasa mahomby sy mazava ny amin'ny fitantanana anatiny, ao anatin'izany ny fanoratana ny vola sy ny hetra izay mampiseho ny endrika sy ny fiasan'ny orinasa sady manampy ho amin'ny:

- Ady amin'ny tsolotra sy ny kolikoly;
- Fialana amin'ny kaonty tsy voasoratra, diso sokajy na kaonty miafina;
- Ady amin'ny fanoratana vola mivoaka diso sokajy na tsy voasoratra.

Tompon'andraikitra amin'ny fanarahan-dalàna ny mpitantana. Ny tompon'andraikitra mivantana dia mila mametraka drafi-pitantanana mazava ahafahana manara-maso sy mahita raha misy ny tsy fanarahan-dalana araka izay voasoratra ato amin'ity boky ity. Ny andalana 3.4.1. ao amin'ny *Fenitra sy toro-hevitra mikasika ny hosoka no ampiharina amin'izany.*

Heritrereto dieny mialoha ny trangan-javatra mitondra makany amin'ny kolikoly rehefa hanomboka sorotr'asa vaovao na asa amina firenena vaovao. Tsy maintsy manao famakafakana hiadiana amin'ny kolikoly araka izay voalaza ao amin'ny boky miasa amin'ny mangarahara sy ity boky ity ny vondron'asa isan-tokony alohan'ny hanombohan'ny sorotr'asa vaovao amin'ny firenena voatendry iray. Raisina an-tsoratra mazava tsara ao amin'ny rejistra io famakafakana io – jereo ny andalana 2.1. ao amin'ny *fenitra ho amin'ny fanarahan-dalana.*

FANAMARIAHANA:
Ny teny firenena voatendry dia efa nofaritana.

Ny vola very sy ny sazy rehetra dia aloha eo an-toerana. Ny vola very rehetra avy amin'ny tsy fanarahana ity fenitra ity dia soratana eo amin'ny sokajy tombony/fatiantoka mifanaraka amin'ilay vanim-potoana.

Miadia hevitra ary hatsarao hatrany ny fiadiana amin'ny kolikoly. Amin'ny fotoana rehetra hanaovan'ny vondron'asa fihaonana ho fanatsarana dia tsy maintsy dinihina ao ny amin'ny fomba fiasa ao amin'ny mangarahara sy ny tsolotra ary ny kolikoly.

8.0 Fiofanana ho fampihenana ny tsy fanarahan-dalàna

Ny mpanatanteraka manana andraikitra mifandraika amin'ny ady amin'ny kolikoly dia tsy maintsy manao fiofanana mba hampihenana ny tsy fanarahan-dalàna voasoratra ato amin'ity fenitra ity.

Ireto ny famaritana ampiasaina ato amin'ity andiany ity:

Andraikitra: araka izay voasoratra ao amin'ny fenitra ho amin'ny fanarahan-dalàna.

Andraikitra saro-pady dia:

a) Ny mpiasan'ny Rio Tinto rehetra mety handalo olana ara-kolikoly eo amin'ny asany. Anisan'izany ny mpiasa afaka mandray fanapahan-kevitra eo amin'ny ara-barotra, afaka manome fahazoan-dalana, mpisafidy ny mpanjifa, mividy na mivarotra petra-bola, mpanolo-tsaina araka ny lalàna, ekipa mpizaha izay miserasera matetika amin'ny manam-pahefana tsy mbola naira-niasa tamin'ny orinasa teo aloha ao amina firenena voatendry na miara-miasa amin'ny firenena voatendry.

b) Mpiandraikitra mitandro ny mpiasan'ny Rio Tinto; ary

c) Ny mpiandraikitra rehetra bandy C sy ny ambonin'izay, na aiza na aiza ny toerana misy azy ary na inona na inona andraikiny.

FANAMARIHANA:
Ny teny Firenena voatondro dia efa nofaritana.

Ny vondron'asa isan-tokony dia tsy maintsy:

a) Avy amin'ny alalan'ny famakafakana natao dia mamaritra ny andraikitra nomena sy ny mpiasa na mpiantok'asa fototra mandray izany toerana izany. Ny andalana 3.5.1. ao amin'ny Fenitra sy toro-hevitra mikasika ny hosoka no ampiharina (ao anatin'izany ny fiofanana ao amin'ny trano-kala ho amin'ny andraikitra nomena).

b) Mamaritra izay andraikitra saro-pady amin'ireo andraikitra nomena ireo;

c) Mahazo antoka fa mahazo fihofanana mikasika ny ady ho amin'ny kolikoly tarihin'ny sampana ho amin'ny fanarahan-dalànan'ny Rio Tinto ireo olona manao asa saro-pady (manao izany fiofanana izany amin'ny fotoana maha mety azy - andalana 3.1.4 ka hatramin'ny 3.1.8. ao amin'ny fenitra ho amin'ny fanarahan-dalàna).

8.0 Fiofanana ho fampihenana ny tsy fanarahan-dalana, tohiny…

d) Mahazo antoka tsara fa ny mpiasa na mpiantok'asa fototra mifindra vao nifindra hiasa amin'ny firenena voatendry dia mahazo fiofanana mikasika ny ady amin'ny kolikoly ataon'ny sampana momba ny fanarahan-dalanan'ny Rio Tinto alohan'ny hatongavany amin'izany firenena izany;

e) mahazo antoka fa:

   i. Ny rejistry ny fiofanana ady ho amin'ny kolikoly ho an'ny olona manana andraikitra saro-pady dia voasoratra ao amin'ny *Prospect Portal* (vondrona ho amin'ny fanarahan-dalana), sy

   ii. Manaraka toetr'andro tsara ny lisitry ny mpiasa sy ny mpiantok'asa fototra manana andraikitra saro-pady ary manome dika-teny an'izany lisitra izany an'ny sampana ho amin'ny fanarahan-dalànan'ny Rio Tinto araka ny dingana voasoratra ao amin'ny *Prospect Portal* (vondrona ho amin'ny fanarahan-dalàna) ny boky ady ho amin'ny kolikoly.

9.0 Fanjarian'asa miankina

Ny fanirian'ny Rio Tinto dia ny hananan'ny orinasa rehetra miara miasa aminy fenitra enti-miady amin'ny kolikoly mitovy amin'izay voasoratra ato amin'ity boky ity.

Ireto ny famaritana ampiasaina ato amin'ity andiany ity:

Fenitra ho amin'ny fomba fiasa ao amin'ny mangaraharan'ny Rio Tinto. Ao anatin'izany ny Ny fomba fiasantsika, ity boky ity, fenitra ho amin'ny fomba fiasa ao amin'ny mangarahara (fifanipahan-tombotsoa) sy ny fenitra tsy maintsy arahin'ny orinisa ivelany ho fandehanana amin'ny mangarahara.

9.1 Ny vondron'asa isan-tokony dia tsy maintsy

- Manao izay azony hatao mba hampandehanana ny asa eo ambanin'ny vondron'asan'ny Rio Tinto araka ny fenitra ho amin'ny fiasana ao amin'ny mangarahara; sy
- Raha misy fiaraha-miasa vaovao tapahin'ny sy/na tantanan'ny daholo be dia:
  - Mampiditra ao anatin'ny fifanekana ny fenitra ho amin'ny fiasana ao amin'ny mangaraharan'ny Rio Tinto (toy ny fifanarahana voasoratra ao amin'ny fitaovana ho fiadiana amin'ny kolikoly); sy
  - Manao izay azony atao mba hanajana ao anatin'ilay fiaraha-miasa ilay fifanarana sy ny fenitr'asa ho amin'ny mangaraharan'ny Rio Tinto

  Raha tsy azo atao ny mampiditra izany fepetra izany ao anatin'ny fifanarahana dia:

  - Tsy maintsy ahazoana fahazoan-dalana avy amin'ny vondron'ny mpanatanteraka ho an'ny vondron'asa sy ny mpiandraikitra iraisam-pirenena ho amin'ny fanarahan-dalàna ny endrika fifanarahana misy; ary
  - Ny singa mpandray fanapahan-kevitra tafiditra ao anatin'ilay fifanarahana (ohatra: komity, komitin'ny hana hamokarana) dia tsy maintsy mahafantatra tsara ny zavatra voalaza ao anatin'ilay fifanarahana.

Raha tsy misy fifanarahana toy ny famindran'andraikitra ara-barotra ohatra, dia:

- Tsy maintsy ahazoana fahazoan-dalàna avy amin'ny vondron'ny mpanatanteraka ho an'ny vondron'asa sy ny mpiandraikitra iraisam-pirenena ho amin'ny fanarahan-dalana ny fandaharam-potoanan'ilay orinasa ho amin'ny fanarahana ny fenitra ho amin'ny fomba fiasa ao amin'ny mangaraharan'ny Rio Tinto.

9.0 Fanjarian'asa mainkina, tohiny...

9.2 Ho amin'ny fiaraha-miasa vaovao izay kely ny salan'isan'ny tombon-tsoan'ny vondron'asa sady/na tsy ny vondron'asa no mitantana azy, ny vondron'asa dia tsy maintsy:

- Mampanaiky (toy ny fifanarahana voasoratra ao amin'ny fitaovana ho fiadiana amin'ny kolikoly) ilay orinasa vaovao handray sy hanaiky ainga sy fenitra mitovy amin'ny fenitra ho amin'ny fiasana ao amin'ny mangaraharan'ny Rio Tinto.
- Raha tsy azo atao ny mampiditra izany fapetra izany ao anatin'ny fifanarahana dia:
  - Tsy maintsy ahazoana fahazoan-dalana avy amin'ny vondron'ny mpanatanteraka ho an'ny vondron'asa sy ny mpiandraikitra iraisam-pirenena ho amin'ny fanarahan-dalana ny endrika fifanarahana misy; ary
  - Ny singa mpandray fanapaha-kevitra tafiditra ao anatin'ilay fifanarahana (ohatra: komity, komitin'ny hana hamokarana) dia tsy maintsy mahafantatra tsara ny zavatra voalaza ao anatin'ilay fifanarahana; ary
- Araha-maso akaiky ilay orinasa mpitantana sy ilay fiaraha-miasa manoloana ny mety hisehoan'ny kolikoly na/sy ny tsy fanarahan-dalàna araka izay voasoratra ao anatin'ny fifanarahana.

Rejistry ny fanavaozana

Fahazoan-dalana ho amin'ny fampiharana:
Komity Mpanatanteraky ny Rio Tinto

Tompon'ny boky:
Sampana ho amin'ny fanarahan-dalànan'ny Rio Tinto

Rejistry ny fanavaozana

Fanavaozana No.	Daty nivoahany	Fanovana	Sonia
Torolalana ho amin'ny fiasa mangarahara	2005		
Fenitra ho amin'ny fiasa ao amin'ny mangarahara (ady amin'ny kolikoly)	1 Janoary 2012	Fenitra vaovao	NT

Rio Tinto plc
2 Eastbourne Terrace
London W2 6LG
United Kingdom

T +44 (0)20 7781 2000

Rio Tinto Limited
120 Collins Street
Melbourne, Victoria 3000
Australia

T +61 (0)3 9283 3333

© Rio Tinto plc and Rio Tinto Limited
2012

0007 V1 ANTICOR 19xLANGS 10-MALAGASY JAN2012 PDF